Fiangonana Anglikanina Avaratranjoma

Hamerina 'ilay fampisehoana goavana mitahiry haren-tsaina

Noho ny fangatahan'ny besinimaro dia haverina etsy amin'ny hotel Carlton Anosy indray ny Alahady 05 mey ho avy izao, amin'ny 5 ora hariva ilay fampisehoana goavana mitahiry haren-tsaina karakarain'ny fiangonana Anglikanina Avaratranjoma. Hizara telo miavaka tsara ny fandaharam-potoana mandritra izany. Ny tapany voalohany dia ahitana ny Sidikina, karazana fampisehoana hiarahana amin'ny antoko mpihira sy ireo mpino marobe eo anivon'ny fiangonana ka manodidina ny 140 eo ho eo

Nandritra ny tafa nifanaovan'ireo mpikarakara tamin'ny mpanao gazety !

ireo hiakatra an-tsehatra amin'izany miaraka amin'ny ankizy madinika. Faharoa ny fanaovana interpretation ny

hira noforonin-dRatany ilay mpamoron-kira malaza hatramin'ny vanim-potoanan'ny faha mpanjaka

izay marihina fa haren-kolontsaina miavaka tsy mbola be mpahalala nefa manana ny maha izy azy tokoa... Manodidina ny 200 eo ho eo ireo mpikarakara eo anivon'ny fiangonana handray anjara amin'izany ka ny vola azo rehetra dia entina hanohizana ny asa fanitarana ny fiangonana amin'ny ilany atsinanana raha efa vita ny ilany andrefana ankoatra ny fanohanana ireo asa sosialy hiandraiketan'ny fiangonana toy ny fanampiana ireo zaza sahirana sy ny kamboty ary ny sekoly.

Pati

OSTIE

Nanolotra fanafody ho an'ireo traboina any amin'ny faritra atsimo

Toy ny fanaony isan-taona dia tsy nanadino ny nanolotra fanafody ho an'ireo traboina any amin'ny faritra Atsimon'ny Nosy ny OSTIE. Teny amin'ny biraom-pirenena misahana ny vonjy taitra eny Antanjmora foiben-toerany (BNGRC) no nanolorany izany omaly maraina, fanafody mitentimbidy 2.000.000 Ar. Fanafody toy ny serum, antibiotique, fampatanjahana na vitamina, fanafodin'ny aretina gripa izay tena mahazo vahana tokoa amin'izao fotoana any amin'ny faritra atsimo no natolotra tamin'izany. Anisan'ireo karazana fanafody tena ilain'ny mponina any an-toerana mantsy ireo noho ny fiparitahan'ireo karazana valanaretina toy ny fivalanana, kohoka… Na izany aza anefa mbola mampanantena ny OSTIE fa mbola vonona ny hanohana hatrany raha toa ka mbola misy ny ilana azy ireo, eny fa na dia any amin'ny faritra hafa aza, araka ny nambaran'ny dokotera Ramisaely Christian, tale misahana ny famatsiana sy ny tahiry eo anivon'ny orinasa Ostie. Nambaran'ny kolonely Elack Olivier, nisolo toerana vonjimaika ny sekretera mpanatanteraky ny biraom-pirenena misahana ny vonjy taitra raha nandray fitenenana izy fa hataony tonga antsakany sy an-davany any amin'ireo faritra izay tena mila azy tokoa izao fanampiana omen'ny Ostie izao.

Pati

Dokotera Ramisaely Christian, directeur d'approvisionnement et des stock ao amin'ny Ostie !

Loza indostrialy sy simika

Ao Toamasina ny "ocha/unep" avy any Genève